



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 14 - 20 OKTOBRA 2015

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

VAOVAO NISONGADINA

FAMETRAHANA NY FEPETRA MOMBA NY FILAMINANA

Ny raharaha momba ny filaminana no nanamarika ny herinandro, andaniny ny atrikasam-pirenena mikasika ny Fanavaozana ny Sehatry ny Filaminana, izay natao tao amin'ny CCI Ivato Antananarivo ny 14 hatramin'ny 17 oktobra farany teo, natrehin'ny Filoham-pirenena. "Tsy misy ny fampandrosoana raha tsy misy ny filaminana", hoy izy tamin'ny lahateniny. Betsaka ny fikambanana nandray anjara tao, toy ireo manam-pahefana, mpanao politika, solontenan'ny Vondrona Iraisam-pirenena, ary ireo fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena. Ireo haino aman-gerim-panjakana, **RNM** sy **TVM** dia nitantara ny zava-nitranga sy manome vahana ny andrim-panjakana toy ny mahazatra azy. Betsaka ny fotoana natokana ho an'ny filohan'ny Repoblika tao anatin'izany. **KOLO TV** kosa dia niroaroa saina. Io atrikasa io dia tsy hahafahana mamaritra ny tena vahaolana mifanentana amin'ny andrasan'ny mponina. **VIVA TV** indray dia nanantitra ny amin'ny tsy fahombiazan'ny mpitondra. Ho fanazavana, dia navoakany ny sarin'ireo niharam-boina tamin'ny fanafihana sy ireo fianakaviana mitomany. **MA-TV** dia nianina fotsiny tamin'ny fanangonana ny hevitr'ireo mpanao politika izay nanatrika ny zava-nitranga. **TV PLUS** sy **RADIO PLUS** dia nametraka ny mahazava-dehibe ny fametrahana ny filaminana (CTORSS), mba hanomezana vahana ny fampandrosoana ara-toekarena ny firenena.

Ny haino aman-jery **VIVA** ao Fianarantsoa dia nitsikera ihany koa ny CTORSS. Ny mpanao gazety dia nanome fitenenana an'i Célestin Tsiavaliky, izay nilaza fa ny zava-nitranga dia tsy laharam-pahamehan'ny mponina fa fandanium-potoana sy vola lany fotsiny. Tany an-toerana, ny Kolonely Serge Gellé, lehiben'ny CIRGN ao Fianarantsoa, dia nanao hetsika iadiana amin'ny tsy fandriampahalemana ary nitondra vokatra izany. Nisaotra azy ny amin'izany ny mpihaino ny fandaharana **Antsihitany** ao amin'ny **RADIO TSIRY**.

Mifanindran-dàlana amin'izany, nanao hetsika isian'ny filaminana any amin'ny faritra Boeny sy Betsiboka ary Soafia ihany koa ny zandarimaria. Araka ny tatitra tao amin'ny **M3TV**, dia dahalo 101 no voasambotra ary 67 hafa no maty. Nisy ihany koa ireo fitaovam-piadiana nogiazana.

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



NORAISINA TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA TAO IAVOLOHA IREO BEN'NY TANANA VAOVAO

Ben'ny tanàna vaovao 1676 no noraisin'ny Filoham-pirenena. Ny fitsinjaram-pahefana, ny fampandrosoana eo an-toerana, ny ady atao amin'ny tsy fandriampahalemana, ny fampivoarana ny vehivavy, ny famoronana asa ary ny fanabeazana no noresahina nandritra ny roa andro nihaonana. Tamin'ny kabary nataony, ny Filoham-pirenena dia nampahery ny olona nasainy hanokan-tena amin'ny fampandrosoana eo an-toerana fa tsy hifaninana ara-politika.

Ny zava-nitranga dia nahafahan'ny ankabeazan'ny haino aman-jery niresaka ny tsy fahampian'ny loharanom-bolan'ny kaominina. **MA-TV**, **KOLO TV** ary **VIVA TV** dia nisafidy ny handray feo ny ben'ny tanàna, mba hiresaka momba an'io tsy fahampian'ny loharanom-bola io, ka ny ben'ny tanàna Hantanirina Rabearisoa, Jean Samuel Ramaminirina, Managnatakoke, Sarteva Tovonozatsy no nohenoina teo amin'ny onjam-peo. Ny **FREE FM** kosa dia niaiky fa ny Filoham-pirenena dia nanome soso-kevitra tsara, anefa tsy dia resy lahatra loatra izy ny amin'ny hahatanterahan'izany. Tao amin'ny televizionam-panjakana no nanomezan'ny minisitry ny Atitany, Olivier Mahafaly Solonandrasana toky ho an'ireo ben'ny tanàna fa ho avy tsy ho ela ny fanampiana ny kaominina.

FOTOTRY NY DISADISA

TSY AFAKA MANAO N'INONA N'INONA INTSONY NY MPANJIFA AMIN'NY DELESTAZY

Nambaran'ny minisitry ny Angovo fa hifarana mialohan'ny tapaky ny volana novambra ny fahatapahan-jiro. Mifanohitra amin'izay nefa no hita, fa vao mainka matetika izany no maharitra kokoa, nanomboka ny 15 oktobra. Ary fanampin'izany, tapaka koa ny rano. Vokatr'izany, dia nanomboka nivangongo ny fitarainana azon'ny Jirama.

MATV dia nidina tany Ankadikely Ilafy, toerana izay ahitana fa tsy ny fatiantoka ho an'ireo orinasa madinika fotsiny ihany no ateraky ny delestazy, fa manamafy ihany koa ny tsy fandriampahalemana. Ny **RADIO ANTSIVA** kosa dia nitsikera mafy ny minisitry ny Angovo. « Tsy ny fifaranan'ny delestazy ve no mety hiafaran'ny fe-potoana iasany ? », naneso niaraka tamin'ny tsindronteny mampitaintaina izy.

TVM, **TV PLUS** ary **RADIO PLUS** dia nitatitra ny fanampian'ny Tale Lefitry ny herinaratra ao amin'ny Jirama, izay nanome antoka ny vahoaka fa manomboka ny 20 oktobra, ny toeram-pamokarana ao Antanandrano dia hamokatra 40 MW; ary ny 3 na 4 novambra dia 20 MW no hovokarin'ny toeram-pamokarana ao Ambohimambola.

TV PLUS dia niompana manokana tamin'ny tranga tany amin'ny faritra, indrindra ny tany Morondava sy Betroka. Na dia efa nisy fitaovana mpihary herinaratra fanampiny aza napetraka tao Morondava, dia tsy lefy ihany ny fahatapahan-jiro. Rehefa nohadihadian'ny mpanao gazetin'ny **TV PLUS** ny ben'ny tanànan'i Betroka, Voajanahary Raobelintsirofo, dia nilaza fa fototry ny tsy fandriampahalemana ao amin'ny fari-piadiadiany ny delestazy.

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



MITOHY HATRANY NY FITOKONAN'NY MPIASAN'NY KAOMININ'I TOAMASINA

Karama roa volana tsy voaloha no fototry ny fihetsiketsehana nataon'ny mpiasan'ny kaominina ambonivohitr'i Toamasina, izay efa nanomboka talohan'ny nandraisan'ny ben'ny tanàna vaovao ny asany, ary mandrak'ankehitriny dia tsy mbola nisy fifanarahana hita. Araka ny vaovao nomen'ny **RNA**, ny mpitokona dia nanakana ny tsy hanaovana ny fivoriana voalohan'ny Filankevitra Kaominaly vaovao, izay tokony hanapaka mikasika ny rafi-pandaminana vaovaon'ny kaominina. Ho setrin'izany, ny ben'ny tanàna ao Toamasina, Elysée Ratsiraka dia nianona fotsiny tamin'ny fanendrena olona hiantoka ny fisoloan-toerana vonjimaika mandra-pametrahana ny rafitra vaovao.

FILAZA TSY MENDRIKA

Ny fahatongavan'ny ben'ny tanàna hivory eto an-drenivohitra dia hieritreretana sahady ny fanomanana ny fifidianana manaraka ny loholona. Satria manko, anisan'ny mpifidy lehibe izay hanapaka ny amin'izay ho ao amin'ny Antenimieran-doholona izy ireo. Tamin'izay, ny haino aman-jery sasantsasany dia nanomboka nandefa tsaho tsy voamarina, toy ny hoe manao fanambazana amin'ireo ben'ny tanàna ny antoko eo amin'ny fitondrana, mba hifidianana ny kandikan'ny HVM. Nilaza vokatr'izany koa ny **KOLO TV** fa : « *ny ben'ny tanàna izay tsy hifidy ho an'ny kandida HVM amin'ny fifidianana loholona dia hogadraina* ». Mbola nanamafy ihany izy tamin'ny nanambarany fa ny HVM dia mbola tsy mijanona amin'ny fomba fanaony mampiahiahy ihany. Anisan'ireo nanohana ihany koa ny **VIVA TV**, ka nilaza fa « *i Solonandrasana Olivier Mahafaly dia nandrahona fa hosoloina Filohan'ny Delegasiona Manokana ireo ben'ny tanàna mafy sofina* ».

Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu

Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu

Site web: www.incipals.eu

Leader du Consortium

Membres du Consortium

